## Raharaha Lôla Rasoamaharo 3

**Mifanenjika sy mifankahala ny samy mpomba ny fitondrana**

## Mananara Avaratra 2

**Manentana momba ny lisi-pifidianana ny Coach TIM Analanjirofo**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 28 mars 2023 Laharana 1418 Vidiny : 600 Ar

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


**Facebook** 3

Fanamarihana ny 29 martsa sy ireo mizaka zom-pirenena 2

### Ambohimanarina, Mahitsy, Ankazobe 2

# Nangorom-potsy sy nidorehitra mena izay nolalovan-dRavalo



### Raharaha Lôla Rasoamaharo 2

# Na gadraina ny mpanao gazety misy foana ny gazety



LOLA RASOAMAHARO : "TSY HILEFITRA NY LA GAZETT

La Gazette de la Grande Ile

www.lagazette-dgi.com La vérité imprimée

Lundi 27 mars 2023 N°5993 Prix : 2 000 Ariary

Lola Rasoamaharo en prison

Pour terroriser les journalistes

Arrestation de Lola Rasoamaharo

Des motifs politiques ... cachés (2)

Editorial

Avec une forte coloration politiqu

Déroulement de l'arrestation

Une intervention musclée

Présidentielle 2023

Gasy Tapany est devenu le mauvais cheval

Nous sommes « La vérité imprimée »

Sentinelle

Qui en veut à la tête de Lola Rasoamaharo ?

Les IMAGES dans les MOTS

76 ans après ...

Mécontentement populaire

Le régime se prépare au pi

"Chèque sans provision" ny Lo

Avoahy raha misy fa hotante eto amin'ny gazety


Indice de la démocratie

En chute libre à Madagasc



### Ankadimbahoaka, By-Pass sy ny manodidina 7


# Mbola hitohana be ny fifamoivoizana amin'ity herinandro ity




### Fiarovana ireo varika 7

# Azo lazaina ho nahomby ny tetikasa SOS Lemur nandritra ny 5 taona





**Vaovao farany** 3

Resin'i Centrafrique 2 noho 0 ny Barea

**Rugby XXL Energy Top 20** 3

Nanjaka tokana ny Tam sy 3Fb

**Daka kely**

Tsy azo antoka ny komitin'ialahy ry Boaikely, volombolamena no ampidirina, dia volomboasary no mivoaka a !

AMBOHIMANARINA, MAHITSY, ANKAZOBE

# Nangorom-potsy sy nidorehitra mena izay nolalovan-dRavalo

Tao aorian'ny teny Ambatolampy Ambohimanarina Boriboritany faha-6 ny sabotsy teo, nihazo ny lalampirenena faha-4 indray omaly ny filoha Marc Ravalomanana, filohan'ny rodoben'ny mpanohitra RMDM, sady filoha nasionalin'ny antoko TIM. Nandalo an'i Mahitsy distrikan'Ambohidratrimo izy sy ny mpiaradia aminy, ary nipaka hatrany Ankazobe.
Fa ny sabotsy, hetsika fifampiarahabana tratry ny taona no natao tany amin'ny trano fonenan'ny depiote Todisoa Andriamampandry, fotoana koa izany, nanentanana ireo rehetra tonga tao mahakasika ny resaka fifidianana, indrindra ny fisoratana anarana amin'ny lisi-pifidianana aloha mialoha ny zava-drehetra. Naneho indray ny maha iray ihany ny antoko TIM koa ny hetsika ny faran'ny herinandro teo iny, tonga tao avokoa ny avy amin'ny birao polikan'ny antoko, nahitana ny sekretera jeneraly Rina Randriamasinoro sy ny mpandrindra nasionaly Jean Claude Rakotonirina, ireo depiote voafidy tamin'ny anaran'ny antoko TIM, na ireo mpanao ny Miara-manonja amin'ny radio sy televiziona MBS ary ny Radio Mada, tarihan'ny filohan'ny vondrona parlemantera TIM: Fetra Ralambozafimbololona, na ny mpanentana ny fandaharana Miara-manonja amin'ny Az Radio, nahitana ny depiote Fidèle Razarapiera sy Rodin Rakotomanjato. Nangorom-potsy sy nidorehitra mena ny teny Ambatolampy Ambohimanarina tamin'io fotoana io. Nanamafy ny filoha Marc Ravalomanana nandritra izany, ny hanatonan'ireo mbola tsy voasoratra amin'ny lisi-pifidianana eny amin'ny fokontany, lalàna no tsy maintsy hanatanterahana ny fifidianana amin'ity taona ity hoy izy, ka tokony tsy maintsy



*Ny filoha Marc Ravalomanana, nanao fanentanana amin'ny isoratana anarana amin'ny lisi-pifidianana.*

ho tontosaina izany, misy anefa ireo tokony hahitsy mahakasika ny lalàmpifidianana, ka tsy maintsy ilana fikaonandoha.
Na tao Mahitsy, na tany Ankazobe, vory lanona ihany koa ny olona tany an-toerana, nihaino sy nifampitafa mivantana tamin'ny filoha nasionalin'ny antoko TIM. Tena sahirana izahay hoy ny feo avy amin'izy ireo, ka mila anao Dada, hanavotra ny vahoaka sahirana sy ny firenena indray. Toy ny tao Ambatolampy Ambohimanarina, nangorom-potsy sy nidorehitra mena ihany koa ny tany Mahitsy sy Ankazobe.

***Isambilo***

Mananara Avaratra

# Manentana momba ny lisi-pifidianana ny Coach TIM Analanjirofo

Manentana momba ny lisi-pifidianana, any amin'ny distrikan'i Mananara Avaratra faritra Analanjirofo amin'izao fotoana, ny Coach TIM Analanjirofo, ny depiote teo aloha Rasomotra, na Mananjara Fidison. Ny zoma teo, tao amin'ny Kaominina ambonivohitra Mananara-Nord izy sy ny ekipa tarihany, nanofana sy nanangana ny rafitra ho enti-miatrika ny fifidianana ho avy, amin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) any an-toerana. Nanentana koa izy ireo ny olona, mba hazoto hiditra ao anaty lisi-pifidianana. Ny sabotsy teo kosa indray, nametraka ny lamina sy fanofanana amin'ny fananganana ny Comite de vigilance izy ireo, tany amin'ny kaominina Manambolosy, ao anatin'ny distrikan'i Mananara Avaratra ihany. Nanotrona azy tany an-toerana kosa ny filohan'ny Jeune Tim distrika Mananara-Nord Berchon Lahy. Tany amin'ny kaominina Imorona, distrikan'i Mananara-Nord indray izy ireo avy eo, mbola manodidina ny fanentanana amin'ny resaka fiatrehana fifidianana ihany, no niarahan'izy ireo tamin'ireo mpitarika TIM tany amin'izany toerana izany.


*Ny fitsidiham-paritra ataon'ny coach TIM Analanjirofo, ny depiote teo aloha Rasomotra.*

***Stefa***

Raharaha Lôla Rasoamaharo

# Na gadraina ny mpanao gazety, misy foana ny gazety

Hita fa tena misy ambadika politika ny raharaha nampidirana am-ponja ny filoha tale jeneralin'ny gazety La Gazette de la Grande Ile, Lôla Rasoamaharo. Antony iray anaporofoina izany, farany izay haingana ny nampakarana azy tao anivon'ny fampanoavana sy ny nampidirana azy eny amponja. Misy ny raharaha maro mitarazoka amin'ny fitsarana, fa ity raharaha ity farany haingana, midika fa misy ambadika poltika izany, noho ny gazety izay tantanan'i Lôla, manakiana ny rehetra izay manao ny tsy mety eto amin'ny firenena, na ny mpomba na ny mpanohitra ny fitondrana, na ny tsy momba ny atsy na ny aroa,... Na eo aza izany antsojay sy ramatahora ary karazana tsindry atao amin'ny mpanao gazety izany, noho ny fampidirana am-ponja ity zokibe eo amin'ny asa fanaovangazety ity, nilaza ny gazetiny fa tsy hihemotra izy ireo fa vao mainka hijoro hilaza ny marina. Na gazety tokoa misy foana, na gadraina azan y mpanao gazety.

**FAJM**

Mahakasika ity raharaha ity, misy ny fanambarana avy amin'ny FAJM, na ny "Fédération des Associations des Journalistes Malagasy":"manoloana ny tranga izay niseho ny faran'ny herinandro teo, mikasika ny fisamborana sy ny famonjana vonjimaika ny Filoha Tale Jeneralin'ny La Gazette de La Grande ile. Mijoro ny Federasiona iraisan'ny Fikambanan'ny mpanao gazety eto Madagasikara, maneho ny ahiahinay. Manameloka ny fisamborana mpanao gazety, ny fanohintohinana mivantana na ankolaka ny orinasan-gazety. Tsy mitsabaka amin'ny raharahampitsarana izahay, fa anjaran'ny voakasik'izany na ny mpitory na ny toriana, sy ny mpisolovava azy ireo, no mitondra ny fiarova-tenany. Raharaha manokana tsy misy idiran'ny asa fanaovan-gazety ny ambara fa fototry ny fitoriana azy, raha jerena indray mielatra, rehefa tena fotorana akaiky sy lanjalanjaina daholo anefa, dia mampanahy ny zava-misy. Mifototra amin' ny mety ho fiantraikan' izao zava-misy izao amin' ny fahalalahan'ny fanehoan- kevitra eto amin'ny firenena ny ahiahinay. Ny fahalalahan'ny fanehoankevitra izay hita mihari-


LOLA RASOAMAHARO : "TSY HILEFITRA NY LA GAZETTE".

La Gazette de la Grande Ile
www.lagazette-dgi.com La vérité imprimée
Lundi 27 mars 2023 N°5993 Prix : 2 000 Ariary

Lola Rasoamaharo en prison (6)
Pour terroriser les journalistes

Arrestation de Lola Rasoamaharo
Des motifs politiques ... cachés (2)

Editorial (5)
Avec une forte coloration politique

Déroulement de l'arrestation (3)
Une intervention musclée

Présidentielle 2023 (4)
Gasy Tapany est devenu le mauvais cheval

Nous sommes « La vérité imprimée » (5)

Sentinelle (6)
Qui en veut à la tête de Lola Rasoamaharo ?

Les IMAGES dans les MOTS (7)
76 ans après ...

Mécontentement populaire (8)
Le régime se prépare au pire

"Chèque sans provision" ny Lola (12)
Avoahy raha misy fa hotanterina eto amin'ny gazety

Indice de la démocratie (15)
En chute libre à Madagascar

hary fa efa miha-tery sy miha-sarotra hatrany. Manahy izahay fa misy diantanana politika ao ambadik'izao raharaha izao. Miendrika ramatahora sy fampihorohoroana, atao amin'izay mahasahy miteny ny zava -misy eto amin'ny firenena, ny zava-misy. Manahy izahay, sao dingana hirosoana any amin'ny fanakatonana, na fanampenambava ny orinasan- gazety ny zava-misy amin'izao fotoana izao. Tranga izay midika ho fanasaziana ny olom-pirenena rehetra manan-jo hisitraka vaovao maro lafy. Noho izany, manambara etoana izahay fa manaramaso ary mijery akaiky ity raharaha ity."

***Ny Valosoa***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

Raharaha Lôla Rasoamaharo

# Naneho ny fitanilan'ny fitsarana Malagasy indray

Naneho ny fitanilana misy eo anivon'ny fitsarana Malagasy indray, ny raharaha Lôla Rasoamaharo nitranga ny faran'ny herinandro teo. Tsy ampy 24 ora akory dia nidodoka avy hatrany tany Antanimora ity filoha tale jeneralina orinasan-gazety an-tsoratra ity, rehefa avy niatrika tao anivon'ny fampanoavana. Misy anefa raharaha andro maro, na am-bolana mihitsy vao miakatra fampanoavana, na tsy tafakatra ao anivon'izany sampam-pitsarana izany mihitsy aza. Manontany tena noho izany ny olom-pirenena, rehefa raharaha toy ny ahoana no haingana toy izay nitranga ny sabotsy teo ny fandehan'ny raharaham-pitsarana, rehefa inona dia ampitarazohana?
Raha hiverenana ny raharaha Lôla Rasoamaharo, ny sabotsy tamin'ny 1 ora maraina izy no nosamborin'ny zandary . Tamin'ny 12 ora atoandro ny sabotsy io ihany no nanaovana Perquisition na fisavana ny tranony . Sabotsy tamin'ny 3 ora sy sasany tolakandro nentina teny amin'ny fitsarana , tsy nisy afa tsy izy irery ihany no noraisina ny sabotsy tolakandro, ary tokony ho tamin'ny 8 ora latsaka tamin'ny alin'iny ihany no nalefa teny Antanimora.
Ny pejy amin'ny facebook manohana fitondrana, no namoaka ny secret de l'instruction n any tsiambaratelon'ny famotorana voalohany ary dia lainga avokoa no navokan'ireo pejy rehetra, satria nolazaina fa nanao chèque sans provision i Lôla. Ny mpitory anefa dia nilaza zavatra hafa tanteraka.
Raha tahak'izao daholo no anaovana ny raharaham-pitsarana , afaka miasa sabotsy ilay fitsarana, afaka miasa amin'ny andro alina dia vitsy ny olona hanana olana eny amin'ny fitsarana.
Firy amin'ireo olona no migadra amin'ny zavatra tsy nataony , dia lazaina hoe mbola manao fanadihadiana ny fitsarana dia any dia any, mivalona ho azy ny afera sasany,... I Lôla anefa noho ny teny midina, nofonjaina tamin'ny hafainganam-pandeha TGV!

***Ny Valosoa***

Ny Valosoa sy hadihady

## Raharaha Lôla Rasoamaharo

# Mifanenjika sy mifankahala ny samy mpomba ny fitondrana ankehitriny

Tsy takona hafenina intsony fa mitady tena tsy hisy afaka manao hetsika sy maneho hevitra ary manakiana intsony eto amin'ity Firenena ity, amin'izao faramparan'ny fitondrana Rajoelina Andry izao. Mitovy tsy misy valaka tamin'ny tetezamita ny toe-draharaha politika amin'izao fotoana izao. Tsara ampatsiahivina koa anefa fa fony tao anatin'ny fanoherana ireo manampahefana ao anatin'izao fitondrana izao dia nanisika tao an-tsain'ny teo amin'ny fitondrana Rajaonarimampianina Hery, fa zo fototra maneran-tany ny fahazoana manao hetsika sy maneho hevitra na aiza na aiza toerana. Azo lazaina anefa fa azo isaina amin'ny ratsan-tànana ny fanakanana hetsika sy fisamborana mpanao fihetsiketsehana na mpaneho hevitra nandritra ny Repoblika III-1. Tsy nisy koa izany mpandraharaha nanao asa fanamboarana fotodrafitrasa sy mpianatra ary mpiasa eo anivon'ny sampan-draharaham-panjakana, ka tsy voaloa ny tambin-karamany na karamany na ny vatsim-pianarany. Vitsy ihany koa ny fampidirana amponja olompirenena mpanao politika, na maneho hevitra na mpampaneno lakolosy, na manao hetsika an-dàlambe. Tao anatin'ny volana vitsivitsy dia iaraha-nahita ny fanasaziana aman-taonany ny mpanao gazety sady politisiana toa an'i Rolly Mercia, mpandraharaha sady mpanao politika Rajaonah Mbola, izay mbola nanaovana fisavana indray ny tranon'ny fianakaviany andro vitsy lasa izay. Tsara tsiahivina ihany koa i Malama, sy i Berija, sns,… Vao omaly ny omaly indray dia nampidirina am-ponja ny filoha tale jeneralin'ny gazety mpiseho isan'andro, La Gazette de la Grande Île, izay nanaitra ny mpisehatra eo anivon'ny serasera, satria toa tsy dia mitanila loatra aza ny asa soratra satria toa voatsikera ao avokoa na ny eo amin'ny fitondrana na ny mpanohitra, izay heveriny fa mibirioka amin'ny làlana tokony hizorany. Raha ny fantatra ihany koa anefa dia manana namana ao amin'ny fitondrana tena afaka manome baiko ny sehatra rehetra ity filoha tale jeneraly ity kanefa dia nidoboka ihany. Raha ny vaovao mivoaka amin'ny gazety ihany dia fitakiam-bola tsy ara-drariny no nampidirana azy any am-ponja. Raha ireo toe-javatra ireo no dinihana dia mivadibadika sy misafotofoto ary mihodina valopolo ambizato degre mihitsy ny toerana misy ny olompirenena, na politisiana na mpanao gazety na olon-tsotra araka ny toe-draharaha politika iainana. Tondro molotra ataon'ny manampahefana iray dia ampy hampiditra olompirenena amponja, na dia tsy mbola nisy famotorana teo anivon'ny polisim-pirenena na ny zandarimaria aza. Tsy mahagaga loatra ny tranga misy satria na ny mpiara-dia sy mpiray petsapetsa nandritra ny fotoana lava aza dia mifamingana sy mifanenjika amin'ny vanim-potoana iray noho ny fitiavan-tena sy ny fialonana ary ny fiarovan-tena rehefa mahatsiaro fa voakitikitika ny tombontsoa. Rahampitso Alarobia 29 Martsa dia fahatsiarovana ny faha-eninambiefapolo taonan'ny tolom-panafahana nataon'ny Malagasy tia Tanindrazana tamin'ny taona 1947. Tombotsoam-pirenena sy fikatsahana ny famotsorana ny Firenena teo amin'ny fanagejan'ny mpanjanaka azy ny tolona tamin'izany dia nisy ny mpamadika noho ny fitiavan-kely. Nitohy izany famadihana ny mpiray Firenena sy fivarotana ny Tanindrazana izany taorian'ny namerenan'ny mpanjanaka ny fahaleovantena ary tsy mbola mifarana hatramin'izao Repoblika IV-II izao. Na ny samy tandapa sy mpiray làlana ary mpiray tsikombakomba aza dia mifanenjika sy mifankahala ankehitriny ary mivarotra fanahy dia ilaozan'ny fahendrena sady tsy afaka manavaka ny tsara sy ny ratsy intsony. Lesona ho an'ny rehetra mpisehatra eo amin'ny fitantanana ny Firenena sy mpanohitra mahita sy mahatsapa ny fahantrana sy fahoriana ary ny fibolisaran'ny mpitondra amin'izao fotoana izao, ny tranga rehetra ka tsy maintsy hisaina sy handinika ary hijery tsara izay hasiana ny tongotra, mba tsy hanitsaka hoditr'akondro, ka hibolisatra sy hikarapoka ary tsy ho tafarina intsony.

***Andry Tsiavalona***

## facebook NY VALOSOA VAOVAO

### Fanamarihana ny 29 martsa sy ireo mizaka zom-pirenena 2

**Andrianjakahasina Rasamimanana :** TSY MILA PRM SY PM SNS… MIZAKA ZOMPIRENENA FRANTSAY HITONANTONANA MAMETAVETA NY TOLON'NY RAZANA MIHINTSY, FA RAJAKOMBAZAHA MPIRAY TSIKOMBAKOMBA @ MPANJANATANY.

**Andriamanankasina Dera Ravonjiarisoa :** ary enao mipetraka any Europe io izany inona, andevom-bazaha kay.

**Samuel Razanakoto :** mitady fivelomana no ataony any, fa tsy mivarotra an'i Lafrantsa am karana akory.

**Raharison Gabrielle :** ny Malagasy rehetra dia afaka mankalaza ny 29 mars avokoa.

**Simon Noumenjanahary Fandrava :** FAHATSIAROVANA IO FA TSY FANKALAZANA.

**Andrianjakahasina Rasamimanana :** aleo tsy ho raisintsika an-tendrony ilay resaka. NY PRM NA PM NA MINISITRA sns..... MIZAKA ZOMPIRENENA FRANTSAY DIA TSY MAINTSY (AVERIKO FA TSY MAINTSY) MANAO VAZAHA MODY MIADY @ MPANJANATANY SATRIA DIA MBOLA MIFIDY MACRON SY NY TOA AZY IZY IRENY HO FILOHAM-PIRENENY @ MAHA FRANTSAY AZY.

**Rajo RakotoArivony :** TSY MILA RAJAKOMBAZAHA MIFIDY MACRON SARKO SNS.... OHATRA NY AN'IALAHY ISANY.

**Andrianjakahasina Rasamimanana :** HO AN'IZAY TSY MAHALALA DIA FANTARO FA I SARKOZY NO NANAO NY FANONGANAM-PANJAKANA TETO MADAGASIKARA T@ 2009, FA NY RAJAKOMBAZAHA MPANATANTERAKA FOTSINY. Efa nilaza io koa ny Filoha RAVALOMANANA MARC (fifamaliana t@ izany).

**Harimanana Randriantsitoharana :** azo raisina sady mitombina: tsy ilaina manatrika mihitsy izay rehetra double nationalité : Malagasy sy Français.

**Anthelme Ramparany :** TENA OMBAKO MANANA.

**Martial Tovonirina :** izay mihitsy no tokony ho izy e !

**Roma Mamy :** tolon'ny ho ao ambilaninao sy famelomantenanao aza iandrasanao Rajoelina, ka razana razana ahoana?

**Andrianjakahasina Rasamimanana :** TSY MILA RAJAKOMBAZAHA E!

**Violette Rasoanorosoa:** ny heloky ny ray aman-dreny tany aloha kosa tsy heloky ny ankizy aty aoriana, raha lasa manana nationalité roa izy ireny amin'izao fotoana e!

**Justin Pierre Ranaivosoa:** fanesoana sy fanaovana tsinontsinona ireo Malagasy nitolona tamin'izany kosa, ny fanatrehan'ny vazaha taratasy ny fanamarihana ny 29 mars e!

FAHA-76 TAONAN'NY 29 MARTSA 1947

# Nanatrika ny vavaka nataon'ny FFKM ny Filoha Ravalomanana mivady

Ho marihina rahampitso alarobia 29 martsa, ny faha-76 taonan'ny tolompanafahana tamin'ny 29 martsa 1947 manerana ny Nosy. Noho izay fanamarihana tsingerin-taona izay, nisy ny fotoampivavahana iraisam-pinoana ho fahatsiarovana ireo maherifon'ny firenena tamin'izany fotoana izany, fotoambavaka lehibe nokarakarain'ny FFKM tao amin'ny Katedraly FJKM Analakely ny alahady teo. Nanatrika sy nanome voninahitra ny fotoana ny filoha Marc Ravalomanana mivady. Efa ny 22 martsa lasa teo, no nanomboka ny hetsika samy hafa, ho fahatsiarovana ity tolompanafahana nataon'ny MDRM tamin'izany fotoana izany ity, tolona izay namoizana aina malagasy an'hetsiny maro naripaky ny mpanjanatany Frantsay. Ny fanirian'ny maro ankehitriny, mba tsy ho very maina fotsiny ny rà nalatsak'ireo martiora tamin'izany, fa tena hipaka amin'ny vahoaka rehetra ny fampandrosoam-pirenena.



*Ny filoha Marc Ravalomanana mivady, tetsy amin'ny Katedraly FJKM Analakely.*

***Isambilo***

## TONONKALO

## Fifidianana 2023

Hatreto aloha ny fifidianana dia tsy anaty fandaharana,
Fa ny fibodoana seza no efa toa manarangarana.
Ny hanalava taom-piasana, tena izany no ketrehina,
Ary ireo mandà izany dia ezahina potehina !

Misy ireo izay namoronana taratasy fiampangana.
Re fa hoe manohintohina ny ao anaty fitondrana.
Sakantsakana hatrany, fandrahonana tsy ferana,
No mahazo ireo voalaza fa avy amin`ny fanoherana !

Irony sezan`ny mpitondra, hita ny fihozongozony,
Ka hatramin`ny solombava no indro raisina amin`ny vozony.
Tena fihetsika voarara, nefa ataon`ireo zandary.
(Sao ny sain`ny ireo lehibeny no efa hita ho marary?)

Hatreto aloha ny fifidianana dia toa nofinofy ihany.
Valo volana no isaina, maro ireo mifanontany .
Hatreto mantsy raha ny sary, indrindra indrindra koa ny feo,
Dia toa tsy miomana amin`izany ry zareo mpitondra ireo.

…Fa ny hiletra sy hitavana, izay no kajy efa voarindra,
Sy ny hoe "fitiavan-tseza", io no lehibe indrindra !

***DADAN`i RIANA (26-03-23)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa, Aly

Nitohy tany Mahitsy sy Ankazobe omaly, ny fanentanana momba ny hidirana ao anaty lisi-pifidianana nataon'ny filoha Marc Ravalomanana sy ny mpiara-dia aminy.









Hotel Panorama Andrainarivo: ny atrikasa famaranana ny tetikasa SOS Lemur teto Madagasikara, rehefa naharitra 5 taona.











## NY TENY FIAINANA

Ny Baiboly Malagasy

*Ary raha zanaka, dia mpandova; eny, sady mpandova an'Andriamanitra no mpiray lova amin'i Kristy koa, raha miara-miharitra aminy isika mba hiara-manam-boninahitra aminy koa.*

***Romana 8 : 17***

TELMA SEMI-MARATHON 2023

# Nanie sy Fulgence no nahery

Razafindrafara Nanie (As Fanalamanga Moramanga), sy Rakotondrasoa Fulgence (Crown Athletics Antsirabe), no nahery tamin'ny fifaninanana hazakazaka « Telma Semi-Marathon 2023 », notontosaina teto Antananarivo tamin'ny alahady 26 martsa 2023 teo. Tamin'ny fe-potoana 1 h 27 min 01 sec, no nahavitan'i Nanie ny halaviran-dalana 21 km natao tamin'ity fifaninanana ity, raha tamin'ny fe-potoana 1h 07 min 54 sec, no nahavitan'i Fulgence an'izany. Natolotra azy ireo ny medaly volamena sy ny taratasim-bola 200.000 Ar avy amin'ny Telma. Nahazo an'io taratasim-bola 200.000 Ar io ihany koa ireo tompondakan'ny sokajy rehetra tamin'ity fifaninanana ity. Laharana faha-2 teo amin'ny sokajy senior lehilahy Rakotonirina Jean Claude avy amin'ny Crown Athletics Antsirabe, nahavita 1h 08 min 21 sec ary fahatelo i Mampitroatse avy amin' ny Cospn Boeny, nahavita 1h 08 min 40 sec. Notolorana ny medaly volavotsy sy medaly alimo ary telefaonina tsirairay avy amin'ny Telma kosa izy ireo. Teo amin'ny sokajy vehivavy kosa dia Rabemihaotra Olivia avy amin' ny Cospn Analamanga, nahavita 1h28min59sec, no nitana ny laharana faha-2 ary i Manankasina Rosa avy amin'ny Cram Fitovavy, no nahavita 1h31min33sec, no nitana ny laharana fahatelo. Mbola samy nahazo medaly volafotsy sy alimo ary telefaonina Telma tsirairay koa izy ireo. Fantatra avokoa izany ankehitriny ireo atleta lahy sy vavy hisolontena an'i Madagasikara taranja Semi-Marathon amin'ny lalaon' ny Nosy 2023 hatao eto Madagasikara.

**Rainilita**




*Nanie tompondaka Semi-Marathon vehivavy 2023.*

Rugby Tournoi Aroi U16 et U18, 2023"

# Nahazo vokatra tsara ny Malagasy tatsy La Reunion

Nahazo vokatra tsara tamin'ny ankapobeny ireo mpilalao Malagasy, niatrika ny lalao rugby "Tournoi Aroi U16 et U18, 2023", notontosaina tao amin'ny kianja "Stade Olympique du Saint-Denis de La Réunion". Nibata ny medaly volamena ohatra ny ekipan'ny Makis U18 zatovolahy, rehefa nandresy an'i La Réunion tamin'ny isa 29 no ho 14. Nahazo ny medaly volafotsy ny Makis U16 zatovolahy izay resin'i La Réunion tamin'ny isa 17 noho 7, nisy fiantraikany tamin'ny toetsain'ireo mpilalao niaraka taminy teo amin'ny lalao famaranana ny tsy niakaran'ny kapiteny Heritiana taorian'ny ratra nahazo azy teo amin'ny manasa-dalana. Teo amin'ny U18 zazavavy, nibata ny medaly alimo ny ekipan'ny Terres en Mêlées Malagasy, rehefa nandresy an'i Mayotte teo amin'ny lalao fiadian-toerana.

**Rainilita**




*Mpilalao Rugby U18 vehivavin'ny Terres en Mêlées Malagasy.*

Fifaninanana Asief 2023

# Nosokafana tamin'ny Rodoben'ny Firaisankina tany Fianarantsoa

Nosokafana tamin'ny Rodoben'ny Firaisankina natao tany amin'ny kianja "Stade Moderne Ampasambazaha Fianarantsoa", tamin'ny faran'ny herinandro lasa teo, ny fifaninanana ara-panatanjahantena A.S.I.E.F (Association Sportive Interministérielle pour L'Entretien des Fonctionnaires) taona 2023. Hazakazaka madinika niainga tao amin'ny Lapan'ny Faritra Mahatsiatra Ambony namakivaky ny tanàna, no nanombohana an'izany rodobe izany, ka ny filoha nasionalin'ny A.S.I.E.F no nitarika an'izany. Narahan'ny Zumba kosa izany avy eo ary notohizana tamin'ny fandraisam-pitenenana, nataon'ireo mpanampahefana isan'ambaratongany ary nofaranana tamin'ny Lalao Baolina kitra ara-pirahalahiana, izay nifanandrianan'ny Ekipan' ny Le relais Fianarantsoa sy ny Ekipa voafantin'ny A.S.I.E.F Matsiatra Ambony. Nanokatra ofisialy ny hetsika ny Minisitry ny Asa sy ny Fampananan'Asa, notronin'ireo olobe manontolo ao amin'ny Faritr'i Matsiatra Ambony (Olom-boafidy sy olom-boatendry ary ireo raiamaindreny mpitondra fivavahana, sy ireo raiamandreny ara-drazana, ka namaliany an'ireo fangatahana sy hetahetan'ny A.S.I.E.F momba ny mba hahaoan' ny mpanao fanatanjahantena ny "Ordre de Route" sy ny "Avancement", ho an'izay mendrika an' izany, fa hampiakatra an'izany eo anivon'ny Governemanta.

**Rainilita**




*Rodoben'ny firaisankina tany Fianarantsoa.*

## Sakafo Ny Valosoa



Henomby sy poivron ary tongolo, ritra indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana ro matsatso anantsonga sy angivy miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Jus mampiafana aretin-andoha

Jus mampiafana aretin'andoha indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Mixer-na ny paoma, kônkômbra, laisoa ngita ireny ny raviny, sakamalaho ary celeri. Ny maraina mbola tsy misakafo iny no misotro azy.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan'i Rantabe, distrikan'i Maroantsetra faritra Analanjirofo

Ny tanànan'i Rantabe, distrikan'i Maroantsetra faritra Analanjirofo indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Rantabe ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 12 mandrafitra ny distrikan'i Maroantsetra. Any avaratry ny faritra Analanjirofo no misy azy, amoron-dranomasina izy, manamorona ny Helodranon'i Antongil. Arak'izany, iva toerana ity tanàna ity, satria 17 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Vokatra any ny vary, ny jirofo, ny lavanila. Lalovan'ny lalampirenena faha-5 (RN5), mihazo an'i Maroantsetra izy. Misy mpanjono koa ireo mponina any Rantabe. Manana harena an-kibon'ny tany i Rantabe, ahitana vato sarobidy: Quartz, volamena, safira,… amin'ny maha ao anatin'ny faritra Ambatosoa azy, toy ireo kaominina hafa ao amin'ny distrikan'i Maroantsetra.



ANTSOHIHY FARITRA SOFIA

# Namono olona 4 ny varatra tany an-toerana

Namono olona 4 ny varatra tany Antsohihy faritra Sofia iny ny faran'ny herinandro teo. Olona 4 no nindaosin'ny fahafatesasana nilatsaham-potaka. Tao Antambaohely kaominina Ambodimandresy, vehivavy 2 no maty nilatsaham-potaka ny alahady tolakandro, nandritra ny rotsakorana, raha iny nitoto vary iny izy roavavy ireo, no indray nipoahany. Ny anankiray faha-3, tao Ambodimanga kaominina Ampandriakilandy lalana mihazo ny RN6, sahabo 7km tsy hahatongavana any Ankazobetsihay, raha miainga avy any Antsohihy hihazo an' Ambanja. Ny faha-4 kosa dia tao Mangaoka kaominina Ambodimandresy. Arak'izany, nasiaka ny varatra ny faran'ny herinandro teo, tany amin'iny faritra Sofia iny.



**Niaina**

Orange Pro-League 2022-2023

# Tontosa avokoa ireo lalao tamin'ny andro faha-11

Tontosa soa aman-tsara avokoa ireo lalao voafaritra notanterahina tamin'ny andro faha-11, amin'ny fifaninanana baolina kitra "Orange Pro-League 2022-2023", notanterahina tamin'ny sabotsy 25 sy tamin'ny alahady 26 martsa 2023 lasa teo. Voka-dalao andro faha-11 Conférence Nord : Tffc (3) – (1) Uscafoot, Cosfa (4) – (1) Tia Kitra Fc, Conférence Sud : Dato Fc (2) – (2) Zanakala Fc, 3Fb Toliara (2) – (4) Mama Fc. Mitarika an'isa vonjimaika ankehitriny ny Fosa Juniors Fc (Conférence Nord) sy ny Mama Fc (Conférence Sud).

**Rainilita**



*OPL 2022-2023 Tffc vs Uscafoot.*

Seho evenjelika:

# Hiaka-tsehatra ny « Ny toa azy »

"Ny toa azy", tarika ivondronan'ny ankohonana iray, izay resy lahatra amin'ny antson'Andriamanitra, ny amin'ny itoriana mandrakariva ny teny soa mahafaly amin' ny malahelo, amin'ny alalan'ny fampiasana ny talenta notovanana fianarana, sy fandalinana norantovina tamin'ireo mpahay sy mpitendry mozika efa matihanina eto an-tanàna. Ny taona 2021 no nijoro ny tarika. Tombony ho an'ireo mandrafitra ny "Ny toa azy", ny fahafehezan'ireo milalao gadona maroloko tahaka ny bagasy, reggae, batrelaky, slow, jazz, sns... Tononkira tsotra sy mora raisina hatrany ihany koa no ezahanay jariana, hoy i Sitraka sy Manitra, izy ireo izay samy mpamorona eo anivon'ny "Ny toa azy", mba hanamora ny fampitana ny hafatra.
Ny tolakandron'ny alahady 02 Aprily, hanomboka amin'ny 03 ora tolakandro, etsy amin'ny "Skate park" Antanimena, izy eni-mianaka, ankohonana iray mivondrona eo anivon'ny tarika ny "Ny toa azy", no hanolotra seho voalohany ankalamanjana ho an'ireo mpankafy. Hiara-dalana amin'ny fampisehoana izay ezahana tanteraka, hanaraka ny fenitry ny "Kanto", hoy i Sitraka izay vovonana iadian'ny lohan' ny "Ny toa azy", ny hamoahana ny kapila mangirana laharana voalohany "Nanosotra ahy" amin'ny endriny raki-peo "Audio". Sanganasa miisa 10 no noraiketina ao anatin'ny vokatra. Ampahany amin'izany ny "Hafaliana", "Tiako ny mihira", "Mihira", "nanosotra ahy", sns... Ho taratra anatin'ny fampisehoana, fa manampy betsaka ny ankizy ho amin' ny fampivelarana ny sain' izy ireo ny fandalinana ny taranja mozika sy ny fitendrena zavamaneno. Izy 04 mianadahy ahitana an'i Mandranto (aponga maroanaka), Manovosoa (Gitara), Satry (Lokanga) ar i Sahaza (Hira), izay samy naneho ny fahavononany ny hanolotra ny kanto sy hampianjaika ny meva ho an'ireo mpankafy ho voninahitr'Andriamanitra.



*"Ny toa azy", ankohonana resy lahatra ho amin'ny asa fitoriana.*


**Lalasoa Razafindrakoto**

Rugby XXL Energy Top 20 andro faharoa

# Nanjaka tokana ny Tam sy 3Fb


Nanjaka tokana ny fileovana Tam sy 3Fb, tamin'ny fifanatrehan'izy ireo tamin'ireo mpifanandrina taminy avy, teo amin'ny tohin'ny andro faharoan'ny fifaninanana rugby "XXL Energy Top 20", notontosaina teny amin'ny kianja Makis Andohatapenaka, tamin'ny alahady 26 martsa 2023 lasa teo. Ny voka-dalao azo tamin'io alahady io : - US IKOPA Andohatapenaka (23 )-(19) STM Savonnerie, - TAM Anosibe (31) - (16) XV FA Ampasika, -Tfa Anatihazo (39) – (18) Fbm Bemasoandro, -3FB Fahasalamana (51) - (15) FTBA Andohatapenaka.

**Rainilita**




*3Fb vs Ftba.*

PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Todisoa R.**

Basket N1A lahy sy vavy

# Any Antsirabe no fotoana amin'ny 15-23 aprily izao



*Kianja mitafo Vatofotsy Antsirabe.*

Any Antsirabe ao amin'ny kianja mitafon'i Vatofotsy, no fotoana amin'ny 15-23 aprily izao, hanatanterahana ny fifaninanam-pirenena sokajy N1 A lahy sy vavy 2023: « Phase préliminaire Conférence Centre Homme » sy « 1ère Phase Dame ». Ireo ekipa iray vondrona eo amin'ny sokajy vehivavy : Vondrona A : Mb2All Analamanga, Cospn 2 Atsinanana, Tgbc Boeny, Sbbc Boeny, Jea Vakinankaratra, Phoenix Vakinankaratra. Vondrona B : Ankaratra Vakinankaratra, Tamifa Amoron'i Mania, Serasera Vakinankaratra, Ascut atsinanana, Gnbc Analamanga, Fandrasa Matsiatra Ambony.

**Rainilita**

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**25/03/2023 hatramin'ny 01/04/2023**

- **MANJAKARAY** (Lot II D Ter Manjakaray) 020 22 456 78/032 12 456 78
- **TANA** (Antsahavola) 020 22 207 17/033 05 207 17/034 05 207 17/032 05 207 17
- **MAHASOAVA** (Près BNI Antsakaviro) 020 22 329 85/034 14 525 52
- **SAKAIZA** (Antohamadinika) 034 92 159 03/032 12 002 03
- **ANALAKELY** (En face TAHALA RARIHASINA) 020 22 236 81/ 033 90 338 34 / 034 48 788 96

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1418-03-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

### ANKADIMBAHOAKA, BY-PASS SY NY MANODIDINA

# Mbola hitohana be ny fifamoivoizana amin'ity herinandro ity

Mbola hitohy hitohana be ny fifamoivoizana amin' ny faritra Ankadimbahoaka, By-Pass sy ny manodidina iny amin' ity hrinandro ity. Araka ny voalazan'ny ao amin'ny ministeran'ny asa vaventy, mbola hitohy amin'ity herinandro ity ny fanaboaran-dalana amin'izany toerana izany. Araka ny fanambarana nataon'izy ireo:"ny Minisiteran'ny Asa Vaventy dia mampahafantatra ny be sy ny maro, fa mbola mitohy ny asa fanamboarana ny lalana mampitohy ny rond-point Ankadimbahoaka sy rond-point By pass. Efa eo ampanaovana ny asa famaranana (finition) ny orinasa ary hiverina hisokatra amin'ity herinandro ity io ampahan-dalana io. Ny Minisitera dia mametraka ny fialan-tsiny amin' ny fanelingelenana sy fikorontanana aterik'izany fanapahana izany." Miteraka fahasahiranana ho an'ny rehetra mampiasa izany lalana izany tokoa io fahatapahadalana io, satria mitohana tanteraka ny fifamoivoizana miainga avy any Tanjombato, mihazo an'Ankadimbahoaka, mahazo ny avy any Iavoloha sy ny avy any Alasora sy Ambohimanga-kely iny koa, toy izany koa ireo hivoaka ny renivohitra, hihazo ny lalampirenena faha-7 dia sahirana tanteraka noho ny fitohanana lavareny. Heverina fa mba ho vita tsara amin' izay izany lalana izany, satria raha ny lalana vita teo aloha, tsy naharitra herintaona akory izany lalana izany dia potika tanteraka, ka niteraka fahasahiranana ho an'ny mpampiasa azy hatramin'izay nahasimbany izay.

***Aly***



*Ny fitohanana lavareny eny Ankadimbahoaka sy ny manodidina.*

### Fiarovana ireo varika

# Azo lazaina ho nahomby ny tetikasa SOS Lemur nandritra ny 5 taona



*Profesora Jonah Ratsimbazafy sy Dr Sylviane Volampeno, anisan'ny tompon'andraikitra amin'ny SOS Lemur.*


Atrikasa notanterahana teny amin'ny Hotel Panorama Andrainarivo, no namaranana ny tetikasa SOS Lemur, tetikasa naharitra 5 taona, ho fiarovana ireo varika eto amintsika. Nandritra izany atrikasa nandritra ny 3 andro izany no nanaovana tombana sy jery todika ity tetikasa ity, niarahan'ireo mpisehatra amin'izany sehatra izany, sy ireo mpamatsy vola. Nisongadina araka ny nambaran'ireo anisan'ny tompon'andraikitra amin'ity tetikasa SOS Lemur ity, Profesora Jonah Ratsimbazafy sy Dr Sylviane Volampeno, fa fahombiazana ny nanatanterahana izany tetikasa fiarovana varika izany teto amintsika nandritra izay 5 taona izay. Nihena hoy izy ireo ny fihazana varika amin'ny toerana fonenan'ireo biby arovana ireo, nihena ny fitrandrahana ala, nihena ihany koa ny doro tanety tamin'ireny toerana ireny. Fikambanana miisa 49 no niaraniasa tamin'ny tetikasa SOS Lemur ary saika nisy azy ireo ny faritra 23 eto amintsika, izany hoe tamin'ny toerana miisa 28 no tena nisian'ny fiaraha-miasa tamin'ny mponina eny ifotony. Azo lazaina ho nahomby ny tetikasa, satria nahazo tombontsoa tamin'izany ny vondron'olona ifotony tamin'ny alalan'ny fanampiana ny velontenan'izy ireo, ka tsy nitrandraka ala intsony izy ireo, fa nanatanteraka tetikasa toy ny fiompiana akoho, fiompiana tantely, sns... Namatsy vola izany nandritra ny 5 taona ny IUCN sy ny avy any Suisse. Avy amin'ny atrikasa notanterahana ny herindro lasa teo io, no hijerena na mbola hotohizana mandritra ny 5 taona manaraka indray ny tetikasa SOS Lemur, satria tsy vita 5 taona ny fiarovana varika sy fiarovana tontolo iainana izany, hoy ireo tompon'andraikitra.

***Aly***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 429**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

## Valiny Teny Tondro (0428)

***Mitsivalana***
- Firenena
- Ala
- Navotana
- Irina – Do
- Ome
- Sira – Aho
- Lainga (miv)

***Mitsangana***
- Fanitso
- Ar
- Rovitra
- No (miv) – AG
- Natao
- Ela – May
- Nandeha
- Ao – Lo (miv)

## TENY MIFANAPAKA N° 429




**Mitsivalana**

**1.** Fanaka fihinanana **2.** Lehiben'orinasa (miv) – Fanasana mihaja (mi) **3.** Maneho fofona tsara – Mari-bola **4.** Mpanolotra – Henoko **5.** Habakabaka – Faran-teny **6.** Kosa (miv) – Marika **7.** Nandray **8.** Mampandeha ny fiarakodia (miv) **9.** Zava-diso, tsy marina – Heloka **10.** Kamban-telo – Manaraka ny amon-

**Mitsangana**

**A.** Raim-pianakaviana **B.** Esorinao – Santa **D.** Tanimbary **E.** Taova – Mpanoritra **F.** Fiampitana **G.** Iray sy iray (miv) – Lalam-pirenena – Marika (BR) **H.** Matoanteny **I.** Renintsoratra tsy mitovy – Nefaina vola **J.** Bibikely lalandava (miv) **K.** Miaraka amin'ny atsy – Milaza fananana

## Valiny Teny mifanaraka 0428

**Mitsivalana**

**1.** Fantarinao **2.** Io - Vono (miv) - Do **3.** Tranga - Fi(to) **4.** Ia (miv) - Ta - Lena **5.** Zavatra - Zo (miv) **6.** Any - Ravaka **7.** Na - Tamiko **8.** Sira (miv) - BNI **9.** Nenitoa - AA **10.** Ao - AB - Inri

**Mitsangana**

**A** Fitazanana **B.** Aorianareo **D.** Vy - In **E.** Tonta - Tsia **F.** Angatra - TB **G.** Roa - Rambo **H.** IV - Lavinay **I.** Fe - Aky **J.** Adinoko - Ar **K.** OO - Aza - Fay

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

**Nafana ny fifampiarahabana tratry ny taonan'ny antoko TIM teny Ambatolampy Boriboritany faha-6 ny sabotsy teo. Niatrika izany ny filoha Marc Ravalomanana.**













